



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

FIADIDIANA NY REPOBLIKA

FAMPITAM-BAOVAO

Ambatolampy : Fitokanana ny ozinina vaovaon'ny orinasa STAR

Fotodrafitrasa roa samihafa no notokanan'ny Filoham-pirenena Andry Rajoelina tao Ambatolampy androany zoma 3 desambra 2021 : ny ozinina vaovaon'ny orinasa STAR sy ny lalana rarivato mirefy 2,8 km mitondra mankao amin'izany ozinina izany. Velirano faha 7 nataon'ny Filoha Andry Rajoelina tokoa ny fampiroboroboana ny indostria eto Madagasikara ary ny fitondram-panjakana dia manohana ireo orinasa manaja tsara ireo tamberin'andraikitra (RSE) takiana aminy na eo amin'ny lafiny sosialy na ny tontolo iainana na ny fametrahana fotodrafitrasa mifandraika amin'ny filàn'ny mponina manodidina.

Mifanindran-dalana amin'ny tetikasan'ny Fitondram-panjakana ny hametraka ozinina iray isaky ny distrika iray na ODOF ihany koa ity asa fanitarana ny ozinina STAR ao Ambatolampy ity. Nampatsiahivin'ny Filoha nandritra ity fotoana ity ihany koa fa manana anjara lehibe amin'ny fampandrosoana ny firenena ny sehatra tsy miankina. Na amin'ny alalan'ny fandoavana hetra izay miditra amin'ny kitapombolam-panjakana, na amin'ny alalan'ny fananganana fotodrafitrasa lehibe izay miteraka famoronana asa na amin'ny alalan'ny fanomezana lalam-barotra ho an'ireo vokatr'ireo tantsaha eny ifotony.

Ho an'ity ozinina eto Ambatolampy ity dia aman'arivony ireo hahazo fidirambola fanampiny tahaka ireo tantsaha miisa 15 000 izay hamatsy "orge" izay akora fototra ilain'ity orinasa ity, ary tsy ho an'ny faritra Vakinankaratra irery izany fa ho an'ireo faritra manodidina toa an'i Matsiatra Ambony sy Amoron'i Mania koa. Naneho ny fahavononany hifanome tanana amin'ny sehatra tsy miankina ho fampandrosoana ny firenena hatrany ny Filoha Andry Rajoelina indrindra ny fampiroboroboana ny indostria eto an-toerana. Nambarany ihany koa fa hisy ny fikaonan-doha lehibe, hiarahan'ny fitondram-panjakana amin'ireo mpandraharaha Malagasy mba hijerena miaraka ny hanafainganana ny drafitra fampandrosoana ny indostria eto Madagasikara. Ny fanamby izay tsy maintsy ho tratra hatramin'ny taona 2023, hoy hatrany ny Filoha, ny hamokarana eto an-toerana izay rehetra ilain'ny vahoaka Malagasy anisan'izany ny fananganana ozinina mpamokatra ny siramamy, ny simenitra, sns.

**Ny sampan-draharahan'ny Serasera sy ny Fifandraisana
03-12-2021**